FANAMARIHANA NY 29 MARTSA TANY MORAMANGA

# Nafana ny fandraisana an-dRavalo, tsy hita Rajoelina

Ny faran'ny herinandro teo, no efa nanomboka ny fanamarihana ny faha-75 taonan'ny tolom-panafahana tamin'ny 29 Martsa 1947, tany Moramanga faritra Alaotra Mangoro. Tany an-toerana ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demôkrasia eto Madagasikara: RMDM, sady filoha nasiônalin'ny antoko TIM ny faran'ny herinandro teo. Nafana ny fandraisan'i Moramanga ny filoha Ravalomanana nandritra izany.Tsy hita sy tsy sahy nandeha tany kosa ny filoha Andry Rajoelina. Anisan'ny heverina fa antony tsy nandehanany tany dia satria tsy mbola vita ilay lazaina, fa kianja manara-penitra ao Moramanga hatramin' izao. Sanatriavina, lasa fanaovan'ny olona sy ny biby maloto fotsiny aza izany ankehitriny.


*Ny filoha Marc Ravalomanana tany Moramanga ny faran'ny herinandro teo.*

Fa ankoatra izany, amin' ny maha- ray amandreny azy eto amin'ny firenena dia tonga nanotrona ny fanokafana ny fahatsiarovana ny 29 Martsa 1947, tetsy amin'ny Katedraly Fjkm Analakely, izay notarihan'ny FFKM koa ny filoha Ravalomanana ny alahady 27 martsa 2022 teo.

Tsiahivina fa nandritra ny fandalovany tany Moramanga ny sabotsy teo, no nanamafisan'ny Filoha Ravalomanana, ny tokony hijoroana toy ny nijoroan'ireo Malagasy tia tanindrazana, niady ho an' ny fahaleovantena. Sahy nijoro izy ireo ary teto Moramanga no anisan'ny tena niseho izany fahasahiana lehibe izany hoy i Dada. Ohatra lehibe ho antsika sy ny taranaka mifandimby no nasehon'izy ireo tamin'izany. Tsy maintsy hasehontsika ny firaisankina. Tsy main-tsy hasehontsika amin'ny vahoaka, fa mbola misy ny fanantenana eo amin'ny fanavotana ny firenena, nataontsika ho taonan'ny fijoroana rahateo hoy ihany izy ity taona 2022 ity.

**Niaina**

Julien Andriamorasata

# Tompon'andraikitra amin'ny fahantran'ny vahoaka ny mpitondra

Malahelo ireo bekotro-marohoiatra izay mbola velona ankehitriny, raha mahita fa tsy tonga tamin' ny tanjona nirian'izy ireo ny tolom-panafahana izay natao tamin'ny 29 Martsa 1947, hoy i Andriamatoa Andriamorasata Julien avy amin'ny antoko TIM sy ny RMDM, satria miverin-dalana tanteraka ny firenena. Nanohy fanaza- vana ity farany fa tolom-panafahana amin'ny ziogan'ny mpanjanantany no nataon'ireo razantsika tamin'izany fotoana izany ary natanjaka be ny firaisankinan'ny mpitolona, ka nahafahana nanohitra ny mpanjanantany. Nilaza Andriamatoa Andriamorasata Julien, fa tompon'andraikitra amin'izao fahantrana lalina mianjady amin' ny Malagasy izao ny mpitondra fanjakana, satria ireto farany no fitaratra amin'ny lafiny rehetra amin'ny fanafahana sy ny fampandrosoana an'i Madagasikara, kanefa mifanohitra amin 'izany no zava- misy ankehitriny. Zava-dehibe ny fitiavan-tanindrazana ho an'ny mpitondra firenena, na koa ho an'ny mpanohitra, noho izany tokony hataon'ny Malagasy fakan-tahaka ny firaisan-tsaina nataon' ny mpitolona fahiny, mba hisian'ny fampandrosoa-na ny firenena. Nanatitra voninkazo tetsy amin'ny tsangambato fahatsiarovana ireo Maherifo tamin' ny 29 martsa 1947 tetsy Ambohijatovo ny vondro-na Rmdm ny talata tolakandro teo, ho fankasitra- hana ny tolom-panafahana nataon'ireo Malagasy tia tanin-drazana manoloana ny zioga nataon'ny Frantsay nandritra ny fanjanahantany.


*Ny avy amin'ny RMDM nanatitra fehezam-boninkazo tetsy Ambohijatovo ny talata teo.*

**Franck Razakambelo**

Antoko Arema

# Nametraka tantara ho an'ny firenena ny Amiraly Ratsiraka ka tsy tokony hohadinoina

Nahatsiaro ny fotoana nahalasan'ny filoha teo aloha, nyAmiraly Didier Ratsiraka, ireo mpikatroka Arema ny faha-29 martsa teo. Raha tsiahivina dia ny 28 Martsa 2021, no nindaosin'ny fahafatesana ity filoha mpanorina ny antoko Arema ity ary nasitrika teny amin'ny Fasan'ny Maherifo ny faha-29 Martsa 2021 ihany.

Ho fahatsiarovana izany dia nisy ny fotoam-pivavahana izay natao teny amin'ny Chapelle Militaire Ampahibe ny talata teo, izay nahitana ireo lohandohan'ny mpisorona ao anatin'ny antoko ary ireo olona akaiky ny Amiraly. Tazana teny ihany koa ireo mpitarika antoko isan-karazany.

Daty tsy tokony ho hadinoina amin'ny tantara ny daty nahalasanan'ity filoha teo aloha ity, hoy ny sekretera nasiônalin'ny Antoko, Ramatoa Annick Ratsiraka. Olona nametraka tantara ho an'ny firenena rahateo ny Amiraly ary voarakitra ao anatin'ny tantaran'i Madagasikara ny anarany. Izy no lasa hoy hatrany ity mpitarika ny antoko Arema ity, fa ny zava-bitany dia mijanona ho an'ny firenena. Hanohy izay asa fanasoavana ny firenena sy ny mpiara-belona izay ny antoko, raha ny nambarany hatrany ary hanohy izay tsy vitan'ny filoha mpanorina.


*Ny fampirantiana sary momba ny Amiraly Ratsiraka, sy sary mahakasika ny 29 martsa, nataon'ny mpaka sary Rakotobe Michel, teny amin'ny Chapelle Militaire Ampahibe.*


*Ny antoko Arema, nametraka fehezam-boninkazo, teny amin'ny Fasan'ny Maherifo, Avaratr'Ambohitsaina.*

Rehefa vita ny fotoam-pivavahana dia nanao dia be nihazo ny Mausolée eny Avaratr'Ambohitsaina ireo mpanaradia ny Amiraly nitondra fehezam-boninkazo ary nametraka izany teny amin'ny Fasan'ny Maherifo.

Akoatra izay dia nisy ihany koa ny fampirantiana izay nataon'ny mpaka sary Rakotobe Michel, teny amin'ny Chapelle Militaire. Fampirantiana sary, izay namerenana ny tantaran'ny Amiraly Didier Ratsiraka, sy ny tahirintsary momba ireo mpitolona tamin'ny raharaha 1947.

**Stefa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Tokony handini-tena Rajoelina vao miteny fitiavan-tanindrazana

Miditra sy misoka lalina ao anaty fahasahiranana mafy ny vahoaka malagasy ankehitriny, vokatry ny fidangan'ny vidim-piainana tsy mitsahatra isan'andro vaky izao. Tsy misy afitsoka amin'izany ny fitondrana ary zary mitazam-potsiny amin'ny vahoaka entiny, izay « mifampihinana » eo amin'ny fiainana andavanandro. Tsy hita mihitsy ny fepetra noraisin'ny fitondrana Rajoelina, ifehezana izany ao anaty fotoana fohy. Maty ihany ilay sarambabem-bahoaka miaina fiainana izay tsy mbola fahitany hatramin'izay naha tany ny tany. Miharihary ny tsy fananana fahaiza-mitarika eo anivon'ny fitondrana. Maneho izany rahateo ny tsy fahaizana mijery sy mifantina olona hiara-hiasa, ka hahatafavoaka ny firenena ao anaty fahantrana lalina misy azy izao. Hatreto tsy tafavoakan'izao fitondrana izao ny firenena ary tsy misy ny fanantenana amin'izany, raha ny zava-misy sy hita amin'ny fomba fitantanana ny firenena sy ny vahoaka malagasy.

Etsy ankilan'izany, niseho hampita ny fanilon'ny fitiavan-tanindrazana amin'ny tanora, ny taranaka ny filohan'ny Repoblika raha niatrika ny 29 Martsa. Tena fitiavan-tanindrazana marina sy mifanaraka amin'ny maha malagasy tokoa ve no kasaina ampitaina ? Izy izay nilaza, fa hanova ny tantara. Eto aza ny tantara amboamboarina sy atao izay ampifanaraka amin'ny tombontsoany sy fiarovan-tsezan'izy rehetra. Misy tantara aza indraindray simbaina, fa tsy voafehiny, toy ny resaka maritiora navarina teny Ampamarinana izay nodisoiny tanteraka. Ka fanilo toy inona no entiny ampitainy amin'ny taranaka ? Sao hahavery ity firenena anaty fotoana fohy izany toe-javatra izany ? Efa misy rahateo olom-bitsy mpanefoefo eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao miandry fotsiny ny igadonan'izany mba hahafahany manao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena eto, izay efa anjakany amin'izao fotoana izao. Ka sao lahy hanafohy ny andro tokony ho lava ny raharaha?

Ny fitiavan-tanindrazana, dia tsy amboamboarina amin'ny seho ivelambelany fotsiny sy toy ny lamba tsy fitondra raha tsy amin'ny andro lehibe manokana. Miendrika fihatsaram-belatsihy izany ary famitaham-bahoaka tsotra izao. Fa ny fitiavan-tanindrazana iainana isan'andro io ary iaraha-miaina amin'ny vahoaka rehetra tsy an-kanavaka. Raha mbola misy mpiray tanindrazana aminao ataonao antsojay na ampahoriana na enjehinao, amin'ny endrika samihafa dia tsy fitiavan-tanindrazana izany. Indrindra, fa raha misy vahiny omena vahana noho ny teratany mpiray tanindrazana aminao. Koa tokony hamadika im-pito ny lela sy handini-tena lalina vao miteny fitiavan-tanindrazana. Fotoana rahateo iny andron'ny 29 Martsa iny ho fandinihan-tena, ary tokony nisy fepetra am-pahendrena noraisin'ny fitondrana nanehoana tamin'ny vahoaka malagasy rehetra tsy an-kanavaka, ho fanafahana tanteraka ny firenena amin'ny mangeja azy, na ato anatiny io na any ivelan'ny firenena.

**Sôh'son**